



Famoaham-baovao laharana° 18/XX
HAPARITAKA AVY HATRANY
28 martsa 2018

Fonds monétaire international
Washington, D.C. 20431 USA

**Manadiady ny firosoan'ny fandaharan'asa ara-toekaren'i Madagasikara
ny sampan-draharahan'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI)**

Ity famoaham-baovao ity dia abitana fanambarana ataon'ny teknisiana ao amin'ny FMI, mitatitra ny fehin-kevitra santatra nataony. Ny hevitra hita amin'ity fanambarana ity dia an'ireo teknisiana ao amin'ny FMI ireo, ka tsy voatery haneho ny hevitra ny Filan-kevimpitantanan'ny FMI. Raha toa ka ankatoavin'ny Fitantanana ao amin'ny FMI ity fehin-kevitra santatra ity dia hamolavolàna tatitra izay hoentina eo anivon'ny Filan-kevimpitantan'ny FMI mba hanaovana fanadihadiana sy handraisana fanapahan-kevitra.

- Amin'ny ankapobeny dia tsara ny vokatra azo avy amin'ny fandaharan'asa ara-toekarena tohanan'ny FEC.
- Hahatratra [5,0] isanjato ny fisondrotry ny harin-karena faobe amin'ity taona 2018 ity, ary ny fampiharana am-pahamalinana ny politika ara-bola dia hanampy amin'ny fifehezana ny fisondrotry ny vidim-piainana.
- Ny fampitomboana ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny famokarana, ny fanafainganana ny fanitsina ao amin'ny JIRAMA ary ny fankatoavana lalàna ho fanatsarana ny fitantàna dia tena laharam-pahamehana ao amin'ny fandaharan'asa.

Ao anatin'ny fandalinana fahatelo ny fandaharan'asa ho fanavaozana ara-toekarena, izay tohanan'ny fifanekena famantsiam-bola mandritra ny 3 taona (FEC)¹, dia nanao iraka teto Antananarivo nanomboka ny faha-14 ka hatramin'ny faha-28 ny volana martsa 2018, ny teknisiana avy amin'ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) notarihan'Andriamatoa Marshall Mills, lehiben'ny iraka ho an'i Madagasikara. Nitondra fandrosoana nahafapo ny dinika natao ary hitohy izany mandritra ny herinandro maromaro ho avy. Araka ny tsoa-kevitra dia afaka mihevitra ny hiroso amin'ny fandalinana fahatelo ny fifanarahana FEC ny Filan-kevimpitantanan'ny FMI amin'ny volana jona ho avy izao.

Nanao fanambarana toy izao Andriamatoa Mills tamin'ny fiafaran'ny iraka:

¹ Ny famantsiam-bola FEC dia rafitra fampindramam-bola izay mitondra fanohanana amin'ny fepotoana sala na lavitr'ezaka izay miendrika ho fandaharan'asa rehefa mitranga mandritra ny fotoana ela ny olana eo amin'ny fifandajanan'ny entana sy ny vola, miditra sy mivoaka amin'ny firenena. Ny fifanarahana ho an'i Madagasikara, izay mitentina 220 tapitrisa DTS (manodidina ny 304,7 tapitrisa dolara amerikana, na 180 isan-jaton'ny tahan'ny fandraisan'anjaran'i Madagasikara ao amin'ny FMI), dia nankatoavin'ny filankevim-pitatanan'ny FMI ny 28 jolay 2016 (jereo ny famoaham-baovao laharana 16/370). Nitombo 30,55 tapitrisa DTS (manodidina ny 42,39 tapitrisa dolara amerikana, na 12;5 isan-jaton'ny tahan'ny fandraisan'anjaran'i Madagasikara ao amin'ny FMI) ny fahafahana mampiasa vola ao anatin'io fandaharan'asa io rehefa nivory ny filankevim-pitatanan'ny FMI ny 28 jona 2017 (jereo ny tatitra momba ny Madagasikara laharana 17/223).

"Mbola azo lazaina fa mety hatrany ny toe-draharaha ara-toekarena eto Madagasikara, raha tombanana amin'ny fitomboana maharitra ny harin-karena sy ny fahamarinantoeran'ny toekarena, na dia nisy dona mitranga aza. Nahatrata [4,2] isan-jato ny fisondrotry ny harin-karena faobe tamin'ny taona 2017, na dia teo aza ny voka-dratsin'ny rivo-mahery sy ny hain-tany teo amin'ny fambolena sy ny famokarana herin'aratra avy amin'ny toho-drano, ary koa ny areti-mifindra pesta tamin'ny fizahan-tany. Ny fidiram-bola avy amin'ny fanondranana lavanila (noho ny vidiny niakatra avo) sy vokatra voahodina dia nampatanjaka ny sandam-bola ary nampisondrotra ny tahirim-bola vahiny izay ahafahana manafatra entana avy any ivelany mihoatra ny efa-bolana tamin'ny faran'ny taona 2017. Tsara tantan'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) ny fitomboan'ny vola kirakiraina nifamatotra tamin'izany. Tokony hitombo ho 5,0 isan-jato ny fisondrotry ny harin-karena amin'ity taona 2018 ity. Izany dia vokatra ny fitomboan'ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny fanorenana (investissements publics), ny fivoaran'ny sehatry ny indostria, ny fihatsarana eo amin'ny fambolena ary ny fiarenan'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany. Ny fisondrotry ny vidim-piainana dia tokony hidina tsikelikely ka ho tonga 8 isan-jato amin'ny faran'ny taona 2018, raha toa ka niakatra ho 9 isan-jato izy io tamin'ny taona 2017 noho ny fikorontanan'ny toetr'andro.

"Tsara amin'ny ankapobeny ny vokatra azo avy amin'ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC. Araka ny tarehimarika amin'izao fotoana izao, dia tratra daholo ny fepetra rehetra ara-tarehimarika tamin'ny faran'ny volana desambra teo. Ny ankamaroan'izy ireo dia misy fihoarana (tombony) lehibe. Marihina manokana ny tahirim-bola vahiny sy ny fifandanjan'ny vola mivoaka sy ny vola miditra amin'ny fanjakana, izay nihoatra ny tanjona napetraky ny fandaharan'asa. Ny fanatanterahana ny fanavaozana ara-drafitra ao anatin'ny fandaharan'asa dia nandroso araka ny nikasana azy, afa-tsy ny momba ny famerana ny vidin'ny solika sy ny lalàna vaovao momba ny antontan'isa (statistika) noho ny fahatarana kely."

Ny sampan-draharahan'ny FMI dia mandrisika ireo tompon'andraikitra mba hanohana ny fandrosoan'ny fandaharan'asa. Singanina manokana ny fanovàna ireo fandaniam-bolam-panjakana tsy mahomby ho amin'ny fampiasam-bola fanorenana (investissement public) sy ny fandaniana ara-tsosialy izay tanjona fototry ny fandaharan'asa. Ao anatin'ny fifanakalozan-kevitra amin'ny orinasan-tsolika momba ny rafitra vaovaon'ny vidin-tsolika, ny fanitsiana ny vidin-tsolika noho ny fisondrotry ny vidiny maneran-tany dia nahembotra. Vokatr'izany dia nihanitombo ny vola tokony haloan'ny Fanjakana amin'ireo orin'asa mpanjinjara solika. Ny sampan-draharahan'ny FMI dia manoro hevitra ny fanjakana hanitsy ny vidin-tsolika tsikelikely mba hifanindran-dalana amin'ny vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena izany ka tsy hisy intsony ny vola tokony haloa amin'ny faran'ny taona 2018.

Na dia misy aza ny drafitra ahitana tanjona lehibe ho fanavaozana ny orinasa JIRAMA, dia mbola enta-mavesatra ho an'ny fitantanam-bolam-panjakana hatreto ny olana ara-bolan'io orin'asam-panjakana io. Ny faty antoka lehibe tamin'ny taon-dasa izay nihasarotra noho ny hain-tany dia nampihotra ny fanampiana ara-bola ho an'ny JIRAMA raha mitaha

amin'izay voasoratra tao amin'ny teti-bolam-panjakana, hany ka nitombo ny vesatra tamin'ny volam-panjakana. Raha ny fepetra efa noraisina hatramin'izao no heverina, dia inoana fa mbola hihoatra noho izay voasoratra ao amin'ny teti-bola amin'ity taona ity ny filàna fanampiana ny JIRAMA. Ny antony dia satria tsy hahasehaka ny olana nateraky ny fisondrotry ny vidintsolika iraisam-pirenena sy ny trosa niangona teo aloha ny vokatra tsara nentin'ny rotsak'orana tamin'ny famokarana herin'aratra. Ny sampan-draharahan'ny FMI dia mampirisika mafy ny tompon'andraikitra hampihatra ireo fepetra hampihenàna ny herin-jiro sy rano very, ary ny fangatahana tohana ara-bola ho an'ny JIRAMA. Ankoatra izay, ny filàna ara-bola ho an'ny karaman'ny mpiasam-panjakana sy ny fisotroan-dronono dia ambony noho ny teti-bola ho azy ireo, ka mila vola fanampiny.

"Nifantoka tamin'ny fanavaozana ara-drafitra laharam-pahamehana ho amin'ny sala ezaka momba ny politika ara-bola, ny fampivoarana ny sehatra ara-bola ary ny fitantanam-bolam-panjakana koa ny dinika. Koa amin'izany dia manohy mampivoatra ny rafitra fampiharana ny politikan'ny vola ny Banky Foibe. Ny fifehezana ny vola kirakiraina tafahoatra any amin'ny banky no ifantohany manokana amin'izany, ary koa ny fandrafetana ny lalàna mifehy ny "pensions livrées". Mihevitra koa izy, miaraka amin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola, ny hanavao ireo vondron-dalàna mifehy ny tsenam-bola vahiny. Araka ny torolàlana tao amin'ny tatitra vokatry ny fanadihadina ny fahamarinan-toeran'ny sehatra ara-bola, dia havaozina hanaraka ny toetr'andro ny fehezan-dalàna sy ny fitsipika fanaraha-maso io sehatra io, ho raisina ny fepetra momba ny fomba fanaraha-maso mitily mialoha ny olana, ary haroso ho laniana ny lalàna vaovao momba ny banky alohan'ny faran'ny taona. Miezaka ny hanafaingana ny fitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny fanorenana koa ny manam-pahefana. Izany dia manan-danja manokana amin'ny paik'ady hisondrotan'ny toe-karena ao amin'ny fandaharan'asa. Ny Paik'ady hitantanana ny fampiasam-bolam-panjakana amin'ny fanorenana izay nankatoavina vao haingana dia tokony hanatsara ny fanaraha-maso ny fampiharana ary hampifanentana ireo tetik'asa vaovao amin'ny Paik'ady fampivoaram-pirenena.

Raha ny mikasika ny fitantanana, dia nanantitrantitra ny sampandraharan'ny FMI fa zava-dehibe ny fampandaniana ny lalàna momba ny famerenana ireo fananana azo tamin'ny tsy ara-dalàna sy ny lalàna mifehy ny ady amin'ny famotsiam-bola, izay napetraka teny amin'ny Antenimiera, hoentina miady amin'ny kolikoly sy hitazonana fifandraisana tsara amin'ireo banky eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Mijanona ho zava-dehibe koa ny fanohizana ny fampiharana ny rafitra mafy orina amin'ny ady amin'ny kolikoly sy ny fanambaram-panànana, ary ny fanatsarana ny fitantanam-bolan'ny Fanjakana.

"Nihaona tamin'ny [Filohampirenena Hery Rajaonarimampianina], ny [Mpiaraiminisitra Olivier Mahafaly Solonandrasana], ny [Ministry ny Vola sy ny Fitantanam-bola Vonintsalama Andriambololona], Ny [Ministry ny Toe-karena sy ny Teti-pivoarana Herilanto Raveloharison], Ny Filohan'ny Banky Foiben'i Madagasikara Alain Rasolofondraibe, Mpiasam-panjakana ambony, solotenen'ny sehatra tsy miankina sy ny mpamatsy vola ny iraka avy amin'ny FMI.

"Misaotra ny Manam-pahefana Malagasy noho ny fiaraha-miasa akaiky sy ny dinika nahitam-bokatra ny iraka."